COMMUNIQUE DE PRESSE

Mahajanga, 20 jiona 2016
Misokatra ny Telma Shop vaovao

Manakaiky hatrany ny mpanjifa ny orinasa Telma, ary mametraka toeram-pifandraisana maharitra sy azo antoka manerana an'i Madagasikara amin'ny alalan'ny Telma Shop, ny Telma Kioska, ny Point Marchand…. **Misokatra manomboka anio Alatsinainy 20 jiona 2016 ny Telma Shop vaovao eto Mahajanga, ao amin'ny Centre Commercial Baobab City.**

Telma Shop faha-56 nosokafan'ny orinasa Telma eto Madagasikara ny eto Mahajanga. Tanjon'ny orinasa ny hanome **fahafaham-po ny mpanjifa** amin'ny alalan'ny **tombontsoa maro** entin'ny toeram-pifandraisana. Toy ny Telma Shop manerana ny Nosy, **mandray malalaka ny mpanjifa ny toerana vaovao ary mamaly ny fitarainana sy ny fanamarihana amin'ny fampiasana ny vokatra.** Hita ao avokoa **ireo tolotry ny Telma hanatsarana ny andavanandro** toy ny mahakasika ny finday, ny tolotra isan-karazany hifandraisana bebe kokoa ary ny momba ny MVOLA.

Azo atao ny mametraka na maka vola ao amin'ny Telma Shop, mividy fahana, mamerina na manapaka numéro very…. Ampahatsahivina koa fa tsotra dia tsotra ny mandoa ny faktiora JIRAMA ohatra na koa ny faktiora Canal Sat amin'ny MVOLA eny anivon'ny Telma Shop vaovao.

Mitondra ny fivoaran'ny teknolojia eto Mahajanga ihany koa ny orinasa Telma izay manana ny tambajotra voalohany manaparitaka ny 4G. Eny anivon'ny Telma Shop vaovao, afaka mampiasa **ny aterineto** ny rehetra na ny mpianatra, na olo-tsotra, na tompon'andraikitra. Tosika manan-danja izany ho an'ny orinasa maro, ho fampiroboroboana ny toe-karena.

Amin'izao fisokafana izao, tolotra manokana enti-misantatra ny fisokafana **ny Fibre optique by Telma amin'ny vidiny 269 000 Ar isam-bolana. Tsotra, matanjaka ary haingam-pandeha hatramin'ny 100 Méga,** fotodrafitrasa hahafahana misitraka ny aterineto haingam-pandeha indrindra eto Madagasikara ny Fibre Optique, azo hampandrosoina ny orinasa na ny sehatra samy hafa fa ihany koa ho an'ny fianakaviana.

Raha finday kosa no resahana, tonga eto Mahajanga n**y finday K1S amin'ny vidiny 34 000 Ar.** Miaraka amin'ny Telma, **mitohy ny fivoarana** satria dia ny finday K1 amin'ny endriny tsaratsara kokoa no omena ny mpanjifa. Miaraka amin'ny **K1S, lehibe kokoa ny "écran"** hahafahana mijery **sary sy horonan-tsary, na manao Facebook sy Internet**. Mora, tsotra sy haingana ny fampiasana MVola, **amin'ny alalan'ny "raccourci MVola".** Tsy izay ihany! misy karazana finday hafa mifanaraka amin'ny safidin'ny tsirairay ao amin'ny Telma Shop vaovao.

Telma, Safidiko N°1 Malagasy, mirary fety sambatra!